

## Obadià

<sup>1</sup> Ty aroñaro' i Obadià\*:  
 Hoe ty nafè' IEHOVÀ, Talè amy Edome:  
 Nahajanjiñe entañe boak' amy  
 IEHOVÀ zahay,  
 le fa nampihitrifeñe amo kilakila'  
 ondatio ty sorotà, nanao ty hoe:  
 Miongaha, antao hitroatse hihotakotake. <sup>2</sup> Inao  
 te hafotsako ho kede  
 amo fifeheañeo rehe;  
 ho vata'e mavoeñe. <sup>3</sup> Fa namañahy azo ty  
 firengevohan'arof'o,  
 ihe mpimoneñe an-tseratseram-bato ao;  
 an-kaboañe ey ty fimoneña'o  
 ihe mitsakore ty hoe añ'arof'o ao:  
 Ia ty hanjotso ahy mb'an-tane mb'eo? <sup>4</sup> Aa ndra  
 t'ie mizonjoñe mb'añ'abo ey  
 hirae'o am-bantio,  
 naho ajado'o amo vasiañeo eñe ty akiba'o,  
 mbe hazotsoko boak' ey, hoe t'IEHOVÀ. <sup>5</sup> Ie  
 nivotraha' ty mpampikametse,  
 naho ty malaso an-kaleñe  
 — akore ty fandrotsahañe anahareo—  
 tsy ho nampikametse am-para'  
 t'ie nietsake hao?  
 Aa naho nivotrak' ama'o  
 ty mpanontoñe valoboqe,  
 tsy ho nenga'e hao ty ho tsindroheñe? <sup>6</sup> Akore  
 ty fivolosañe i Esave,

\* **1:1** Obadià: Mpitoro' IEHOVÀ

ty fikodebeañe o vara nakafi'eo. <sup>7</sup> Fa nanese azo  
     pak' añ'efe-tane eo  
 o mpirimboñ' ama'oo;  
 nifañahie' o nifampilongo ama'oo  
 vaho nahagioke;  
 fa nampipoke fandrik' ambane'o ao  
 o mpitrao-pikama ama'oo;  
 (tsy ama'e ty hilala!) <sup>8</sup> Ie amy andro zay, hoe  
     t'IEHOVÀ,  
 tsy ho mongoreko Edome ao hao  
 o mahihitseo  
 naho am-bohi' Esave ty faharendrehañe?  
     <sup>9</sup> Hiroreke o fanalolahi'oo ry Temane,  
 amy te ho fonga haitoañe am-pizamanañe  
 am-bohi' i Esave eo ondatio. <sup>10</sup> Hañoloñe azo ty  
     fisalarañe  
 ty amy nampisoaña'o  
 an-drahalahi'o Iakobey,  
 vaho haitoañe zafe-zanake rehe. <sup>11</sup> Ihe nijagaro-  
     doñe eo amy andro zay,  
 amy andro nendese' o ambahinio  
 mb'eo o vara'eoy  
 naho nizilike an-dalambei'e mb'eo o  
     alík'ama'oo,  
 vaho nanoe' iereo tsatopiso t'Ierosalaimo  
 —ihe nimpiana' iareo. <sup>12</sup> Ho nisoa t'ie  
     tsy nisamba an-drahalahi'o amy andron-  
     kekoheko'ey,  
 tsy ho nirebeke amy andro  
 naha-rotsake o ana' Iehodaoy;  
 mbore tsy nimete ty nisaontsie'o añ'ebotsebotse  
     amy andron-kankañey. <sup>13</sup> Tsy nimete ty

nimoaha'ò an-dalambei' ondatikoo amy  
 andron-kekoheko' iareoy;  
 Eka, tsy ho nisambà'o ty fisotria'e amy andron-  
 kankà' iareoy,  
 ndra nampipao-pitàñe amo fanaña' iareoo amy  
 andro nitarañen-doza' iareoy. <sup>14</sup> Tsy  
 nimete ty nijohaña'o am-pitsileañe eo  
 hamonoa'ò ze nipoliotse mb'eo;  
 naho tsy ho nasese'ò o sehanga'eo  
 amy andron-kasotriañey. <sup>15</sup> Fa mitotok' amo  
 kilakila' ondatio  
 ty andro' IEHOVÀ:  
 hambañe amo sata'oo ty hanoeñe ama'ò.  
 habalik' añ'ambone'ò eo o fitoloña'oo <sup>16</sup> Fa  
 manahake ty ninoma' areo  
 amy vohiko miavakey,  
 ty hinoma' o ambahinio nainai'e;  
 ie hinoñe naho higenoke,  
 vaho hanahake te mbe lia'e tsy teo. <sup>17</sup> F'ie  
 ambohi' i Tsione ao  
 ty nahapoliotse†, ie ho miavake;  
 vaho ho fanaña' Iakobe o vara' iareoo. <sup>18</sup> Le ho  
 afo ty anjomba' Iakobe,  
 naho lel'afo ty anjomba' Iosefe,  
 naho ho ahetsy ty anjomba' i Esave,  
 le ho viañe' iereo ty ao, hamorototo iareo,  
 vaho tsy hengañe honka'e ty añ'anjomba' i  
 Esave ao; fa nitsara t'IEHOVÀ. <sup>19</sup> Ho a o  
 tatimoo ty vohi' i Esave,  
 naho i monto' o nte-Pilisty ambane eio,  
 ho fanaña' iareo ty tete' i Efraime,  
 naho ty tonda' i Somerone,

---

† **1:17** Ies 4:2-3, Ioe 2:32, Ben 14:1

vaho ho fanaña' i Beniamine t'i Gilade. <sup>20</sup> Ho  
fanaña' o nirohizañe amy valobohò' o nte-  
Israeleoy ty a o nte-Kenàneo,  
pak'e Tsakrefate aña;  
vaho ho fanaña' o mpirohi' Ierosalaime  
e Sefaradeo o rova atimoo. <sup>21</sup> Homb'an-kaboa' i  
Tsione mb'eo o  
mpandrombakeo hizaka ty vohi' i Esave;  
vaho ho a IEHOVÀ i fifeheañey‡.

---

‡ 1:21 Sab 2:8, Dan 2:44, Zek 14:9, Ben 11:15

**Saontsin' Añahare**  
**The Holy Bible in the Tandroy language of**  
**Madagascar**  
**La Sainte Bible en langue tandroy de Madagascar**

Copyright © 2023 Steve Lellelid

Language: Tandroy (Malagasy, Tandroy-Mahafaly)

**DRAFT VERSION**

This translation is made available to you under the terms of the Creative Commons Attribution Share-Alike license 4.0.

You have permission to share and redistribute this Bible translation in any format and to make reasonable revisions and adaptations of this translation, provided that:

You include the above copyright and source information.

If you make any changes to the text, you must indicate that you did so in a way that makes it clear that the original licensor is not necessarily endorsing your changes.

If you redistribute this text, you must distribute your contributions under the same license as the original.

Pictures included with Scriptures and other documents on this site are licensed just for use with those Scriptures and documents. For other uses, please contact the respective copyright owners.

Note that in addition to the rules above, revising and adapting God's Word involves a great responsibility to be true to God's Word. See Revelation 22:18-19.

2024-04-23

---

PDF generated using Haiola and XeLaTeX on 23 Apr 2024 from source files dated 23 Apr 2024

25d648f1-3cb3-5c21-a9e0-49038eca9d1c